

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fahafahana hitia

Tahaka ny fangoraky ny ray ny zanany no amindran'Andriamanitra fo amiko.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

> "Fa izay mandinika ny lalàna tanteraka, dia ny lalàn'ny fahafahana, ka maharitra amin'izany, raha tsy mpihaino manadino, fa mpanao ny asa, dia ho sambatra amin'ny asany izany olona izany." (Jakoba 1:25).

> "Kanefa raha mankato ilay didy ambony indrindra hianareo, araka ny Soratra Masina hoe: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao", dia manao tsara hianareo." (Jakoba 2:8)

Ny lalàna hoe “Tiava ny namanao tahaka ny tenanao” dia antsoina amin’ny zavatra roa: ny “lalàn’ny fahafahana tonga lafatra” sy ny “lalàn’ny mpanjaka”. Lalàna tonga lafatra izy io satria mahafaoka ny lalàna hafa rehetra. Rehefa tena tia ny namanao ianao, amin-kafanam-po sy amin’ny fo madio, dia tsy afaka ny tsy hitandrina ny didy hafa rehetra. Amin'ny fitandremana izany lalàna iray izany, dia mankatò ny lalàna rehetra ianao. Izy io koa no lalàna ny mpanjaka, na lalàna, ny andriana .

Lalàna tonga lafatra momba ny fahalalahana, na ny fahafahana, satria tsy misy mahasakana anao tsy hitia. Raha vao tapa-kevitra ny hitia ianao, dia afaka miteny zavatra ratsy rehetra momba anao ny olona ary mampahory anao, saingy tsy afaka manakana anao tsy hitia. Ny hany olona afaka tanteraka dia ny olona tia.

Jesosy no ohatra tonga lafatra momba ny fahafahana amin'ny fitiavana. Ny manam-pahefana dia nanao ny zavatra rehetra Taminy: nikapoka Azy izy ireo, nandefona ny Tanany sy ny Tongony, nasiany satro-tsilo ny Lohany, nomena vinaingitra Hosotroiny, nanararaotra Azy, nanevateva Azy. Ny zavatra tokana tsy azon’izy ireo natao anefa dia ny nanakana Azy tsy hitia. Tia azy ireo hatramin’ny farany Izy (jereo ny Lioka 23:34).

Raha tia amin'izany karazana fitiavana izany ianao, dia tsy misy afaka manakana anao tsy hanao izay tianao hatao — ny fitiavana. Izany no antony iantsoana ny fitiavana hoe “lalàn’ny fahafahana tonga lafatra.”

© 2008 - Dries Du Plessis

Misaotra Anao, Tompo ô, fa miahy tokoa lanao. Manambara aho fa efa nanapa-kevitra ny hitia amin’ny fankatoavana ny lalàn’ny fahafahana tonga lafatra an’Andriamanitra. Tahaka ny fangorahan’ny ray ny zanany, no fangorahan’Andriamanitra ahy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-253-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

